AMBATOFARITANA FARITRA VATOVAVY

# Nanome fanampiana Ravalo ho fanarenana ireo Tranobe

Any amin'ny faritra Vatovavy iny amin'izao fotoana ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny RMDM, sady filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Mijery ny takaitra navelan'ny rivodoza Batsirai izy sy ny delegasiona tarihany mandritra izany, no sady mitafa sy mihaino ny fitarainan'ireo vahoaka amin'ny fahasahiranany, manoloana ny fahapotehan'ny seha-pamokarana izay fototra iveloman'izy ireo ary ahafahana mitondra izay fanampiana ilain'izy ireo avy eo. Tany Ambatofaritana , 40 km alohan'ny hidirana an'i Mananjary, renivohitry ny faritra Vatovavy, simba tanteraka ny 90 % ny famokarana, noho izany dia mety tsy hisy ny jirofo, ny litchis, ny lavanila hoy ny fitarainana nataon'ny mponina teny rehetra teny. Nanome fanampiana ny filoha Ravalomanana hanarenana ireo Tranobe ao amin'ity tanànan'Ambatofaritana ity. Mbola any amin'iny faritra iny ny filoha Ravalomanana sy ny delegasiona tarihany amin'izao faran'ny herinandro izao. Miara-dia aminy amin'izany ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro, ny mpandrindra nasionalin'ny antoko Jean Claude Rakotonirina, ny filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM, Fetra Ralambozafimbololona,…



*Isambilo*

Kolonely Ratsimandrava

# Tantara feno momba ny namonoan'ny sasany azy ny 11 Febroary 1975

Tokony ho fantatry ny taranaka fara amandimby ny tantaran'ny Kolonely Richard Ratsimandrava , Filohampirenena maty nisy namono raha vao dimy andro monja no nandray fahefana, maty tam-perinasa.

**TSY HIAMBOHO ADIDY AHO MON GENERAL**

Somary handeha lavidavitra isika hampahatsiahy ny tantara. Nandray fanapahan-kevitra ny Jeneraly Gabriel Ramanantsoa Filohampirenena nandrava ny governemanta notarihiny ny Sabotsy 25 Janoary 1975, kabary miaramila fohy no nataony , nambarany fa tsy miray hina ireo minisitra ao anatin'ny governemanta notarihany, izay ny antony nandravana azy , ka raha samy mbola niandry izay governemanta vaovao ny vahoaka dia niova ny toedraharaha satria, nampiasa ny andininy iray tao anatin'ilay lalàna nolaniana tamin'ny fitsapankevibahoaka tamin'ny 08 Oktobra 1972 ny Jeneraly Ramanantsoa, io andininy io dia manome fahefana azy hamindra ny fahefana eo ampelatanany ho an'olona iray izay safidiny. Ny Alarobia 05 Febroary 1975 dia natolotry ny Jeneraly Ramanantsoa ho an'ny Kolonely Ratsimandrava ny fahefana feno hitondra ny tany sy fanjakana , noraisin'ny Kolonely Ratsimandrava tamin-kitsimpo izany fahefana izany , ka niloabava izy nanao hoe '' TSY HIAMBOHO ADIDY AHO MON GENERAL '', fantatro fa mila olona sahy sy vonona mandray andraikitra ny fotoantsarotra diavin'ny firenentsika izao. Nitsodrano ny Kolonely Ratsimandrava ny Jeneraly Ramanantsoa, sady niarahaba ireo mpikambana vaovao tao anatin'ny governemanta nahitana minisitra 15, 3 miaramila, 3 zandary ary 9 teknisiana, ireo minisitra miaramila tao anatin'ny governemanta Ramanantsoa dia voatendry tao avokoa afa tsy ny Capitaine de Fregate Didier Ratsiraka, ary ireo minisitra sivily indray dia Andriamatoa Daniel Rajakoba sisa no tafaverina.

**MATY NISY NITIFITRA NY KOLONELY RATSIMANDRAVA**

Teny amin'ny biraon'ny Minisiteran'ny Atitany ihany ny Kolonely Ratsimandrava no niasa na dia efa filoha aza. Ny Talata 11 Febroary 1975, avy nitarika ny filankevitry ny minisitra teny Anosy ny Kolonely Ratsimandrava dia namonjy fodiana teny Anjohy, niakatra an'Antsahamanitra ny fiara nitondra azy, nihazo an'Antaninarenina sy Ambatonankanga , nony tonga teo Ambohijatovo ambony , teo akaikin'ny biraon'ny polisy amin'izao fotoana izao dia nirefotra ny basy tokony ho tamin'ny 8 ora alina dia maty voatifitra ny kolonely.

Ny alin'io Talata 11 Febroary 1975 io dia nisy ny filazana nivoaka tao amin'ny Radiompirenena, izay nanambara fa mihàtra ny fepetra amin'ny tany misy hotakotaka, ka izay any an-dalana dia iangaviana hamonjy fodiana ary izay efa any an-trano dia tsy tokony hivoaka intsony sy hihaino tsy tapaka ny Radiompirenena .

**NIJORO NY KOMITIMPITONDRANA MIARAMILA**

Ny Alarobia 12 February 1975 dia ny Jeneraly Gilles Andriamahazo no nandray fitenenana tao amin'ny Radiompirenena, nambarany fa maty nisy namono ny Kolonely Ratsimandrava, ary nijoro ny Komitimpitondrana Miaramila misy mpikambana 18 , ahitana zandary sy miaramila avy amin'ny tafika an-tanety, an-dranomasina ary an'habakabaka, voasolo tena ao avokoa ny faritany enina, ka ny Jeneraly Andriamahazo mamboninahitra ambony laharana indrindra no filohan'izany Komitimpitondrana Miaramila izany.

Io Komitimpitondrana Miaramila io no fahefana ambony indrindra teto amin'ny firenena, ireo minisitra notendren'ny Kolonely Ratsimandrava dia mbola nanohy ny asa fampandehanandraharaha hatrany.

Ny Komitimpitondrana miaramila no nanao izay nampiverina ny filaminana sy nampanao ny fitsarana ny raharaha nahafaty ny Kolonely Ratsimandrava, izay marihina fa niafara tamin'ny famoahana ny didy fanagadrana Frs telo lahy dia i Boto sy Maurice Alphonse ary Laza Petit Jean, fa ireo goavana niakatra fitsarana dia votsotra avokoa.

Nisy ny fifampifidianana tao anatin'ny Komitimpitondrana Miaramila, ka ny Capitaine de Fregate Didier Ratsiraka no voafidy hitondra ny firenena, ny Komanda Soja no nifaninana taminy. Ny Alahady 15 Jona 1975 no napetraka ho Filohampirenena sady Filohan'ny Filankevitra Faratampony amin'ny Tolompiavotana ny Capitaine de Fregate Didier Ratsiraka .

**47 TAONA ATY AORIANA**

Tsy mbola mivoaka ny marina momba ny raharaha nahafaty ny Kolonely Ratsimandrava, misy ny karazana fanambarana samihafa anisan'izany ny nataon'ny Filoha Didier Ratsiraka, fa ny tena mahakivy an'ireo izay nahafantatra ny Kolonely Ratsimandrava , dia maty momoka ankehitriny izay nimatimatesan'ity mpitondra hendry ity , satria Ny Kolonely Ratsimandrava no Minisitry ny Atitany nanafoana ny sivana ka nanome fahalalahana ny asa fanaovangazety, saingy indrisy fa tamin'ny Zoma 05 Febroary 2021 tsingerintaona faha-46 nandraisany ny fahefana avy amin'ny Jeneraly Ramanantsoa no nanapakevitra ny fitondrana tarihin'Ingahy Rajoelina nanapaka ny fandefasana ny Mbs ao amin'ny Canal Plus , Startimes , Blue Lines, sns… ny Kolonely Ratsimandrava no nanome lanja ny rafitra eny ifotony dia ny fokonolona izany, kanefa ankehitriny dia nataon'ny mpitondra ho fitaovana handisoana ny lisi-pifidianana ny rafitra fokonolona ankehitriny sady ampijaliana ireo mpiasan'ny fokontany tsy omena tambinkarana, ary ny tsy azo adinoina dia ny Kolonely Ratsimandrava no teratany malagasy voalohany nifehy ny Zandarimariampirenena , sarotiny tanteraka izy tamin'ny fanajana ny teny filamatry ny zandary izay manao hoe: ''Tanindrazana sy Lalàna'' sy ny fanasokajiana ireo mpitandro filaminana ho'' Tandroka aron' ny vozona'', sy ho '' Mpiaro ny vahoaka sy ny fananany '', kanefa dia tsy izany no miseho ankehitriny fa miaro anjambany ny mpitondra ny zandary ary sahy mampiasa hery amin'ny vahoaka maneho hevitra amimpilaminana.

Ny azo amehezana izay voalaza dia maty nisy namono ny Kolonely Ratsimandrava tamin' ny 47 taona lasa, kanefa ankehitriny dia mbola ezahin'ny mpitondra vonoina ihany koa izay nampiavaka azy.

*Ny Valosoa*



## Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao mahakasika ny raharahampirenena. Ratsimandrava Richard sy Ravalomanana Marc: samy halan'ny mpanjanatany Frantsay avokoa ary nataony izay nialàny t@ fitondrana satria ireo no TENA TIA TANINDRAZANA. Ratsimandrava dia maty novonoin'ireo rajakombazaha nokaramain'ny mpanjanatany, fa Ravalomanana Marc kosa mba afaka namonjy ny ainy.Vokatr'izany dia manjaka tanteraka ankehitriny ny vahiny sy karana sns... fa TSY MISY MPIARO intsony ny Tanindrazana.

Ravalomanana Marc, miandry anao ny Firenena hanarina izao Madagasikara nataon'ny sasany ho Firenena mahantra indrindra erantany izao.

*Andrianjakahasina Rasamimanana*
*Mpamaky gazety Ny Valosoa*

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Aoka izay ny fiheveran-tena ho mahavita tena irery fa mamono firenena

Raha tsikaritra ho miha-mihena ny rano amin'ireo tanàna dibo-drano toy ny eny amin'ny faritra iva amin'ny renivohitra, dia tsikaritra, fa tsy mbola mihena ny fahadiovan'ny tanàna noho ny resaka fako. Mbola hita etsy sy eroa ny fivangongon'ny fako misavovona amin'ireo fitoerana fanariana fako. Toy izany koa ny hita eny amin'ireo sisina lakandrano mamakivaky ny renivohitra. Miharihary fa tsy mahavaha olana amin'ny fanadiovana ny tanàna ny ao amin'ny fiadidiana ny kaomina Antananarivo Renivohitra. Niharihary ny fampanantenana poak'aty sy fampandriana adrisa natao nandritry ny fampielezan-kevitra ho amin'ny fifidianana Ben'ny tanàna natao teto. Voafitaka soa aman-tsara ny mponin'Antananarivo. Ny Ben'ny tanàna teo alohany aza mbola nahavita be lavitra noho izy hatreto. Rehefa tsy vonona hihaino ny hafa sy hiara-hiasa akaiky amin'ny hafa amin'ny fampivoarana sy fampandrosoana ny tanàna dia izao iaraha-mahita sy miaina izao no vokany. Mitondra vonjy ny faritra amin'ny fikarakarana ny lalana entina hanafenana ny tsy fahombiazan'ny fitantanana ny tanàna, kanefa ho hatraiza indray ny asa ho vita? Nanampy toy izany mantsy tany am-boalohany nitondran'ny ben'ny tanàna ny filohan'ny Repoblika, tamin'ny alalan'ny fampiasana ireo fiarabe na kamiô hitatitra fako, fa niserana fotsiny ihany izany fa tsy naharitra amambolana na aman-taonany akory. Efa ho fefiky ny haratsian-dàlana izao ny renivohitra vao misy indray ity ataon'ny faritra ity, dia hiaraha-mahita eo ny hifaràny indray.

Miharihary fa tsy mahavita tena amin'ny fampandrosoana irery ny tanàna ny ao amin'ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo Renivohitra. Toy izany koa ny eo anivon'ny fitondrana izay niseho ho babany noho ny hafa teo alohany kinanjo hita ho kely hery rehefa indrindra nipoitra ny rotsak'orana be niteraka tondradrano be nentin'ny rivodoza Ana, sy ny fahapotehana sy fahavoazana nataon'i Batsirai. Miharihary, fa tsy mahavita tena irery amin'ny fampandrosoana ny tanàna ny eo anivon'ny fiadidiana ny kaomina Antananarivo Renivohitra. Toy izany koa ny fitondrana tsy mahavita mampandroso ny firenena. Any amin'ny laharana gisitra ny firenena ankehitriny manerantany. Henatra sy fahafaham-baraka ho an'ny firenena izany. Dia mbola ho sahy hihambo ho mahavita tena irery ihany ve izao fitondrana izao eo amin'ny sehatra fampiakarana ny taha-pitomboana ara-toekarena sy fampandrosoana ny firenena? Mbola hikiry fa ny politikany mamohehitra izao ihany no hotohizana na fara-fahantrana sy faraidiny aza ny vahoaka malagasy? Mbola ho sahy hanilikilika ireo tsy mitovy hevitra sy ny antoko mpanohitra ve izy amin'ny fikatsaham-bahaolana hanarenana ny firenena sy hivoahana amin'izao olana goavana manjo izao? Raha mbola tsy hiova toe-tsaina ny mpitondra sy ireo mpiara-dia aminy sy ireo mpanasohaso, dia efa iniana hivarina hidaraboka tanteraka bebe kokoa ity firenena ity.

*Sôh'son*

Me Maka

# Hanohy ny zava-bitan'i Me Olala ireo mpiara-miasa taminy



Mbola mijoro sy miasa hatrany ilay kabinetra izay notantanan'Itompokolahy Razafinjatovo Willy na Me Olala ary ireo mpiara-miasa aminy ihany, no manohy ny fomba fiasa amin'ny fiarovana ny olona eny amin'ny fitsarana. Nilaza i Me Maka izay mpisolovava ao amin' ny kabinetra, fa mbola mitohy ihany koa ny fanampiana sy fiarovana an'ireo olom-pirenena manan-draharaha, izay iharan'ny tsindry hazolena eo anivon'ny firaha-monina ary manao izay fara-fahaizana amin'ny fiarovana an'ireny olona sahirana ireny ny kebinetra amin' izao fotoana izao. Nanazava i Me Maka, fa betsaka ireo zavatra nampianarin'Itompolahy an'ireo mpiara-miasa aminy manoloana ny fandraisana an-tanana an'ireo olona arovana ao amin'ny kabinetra ary hampihàtra an' izany fahalalana izany ny mpikambana ao amin'ny kabinetra, ho fanomezam-boninahitra ny anaran'i Me Razafinjatovo Willy. Mbola manohy an'ireo raharaha izay efa noraisin'Itompokolahy an-tanana ny kabinetra navelany amin'izao fotoana izao, toy ny « Pourvoi en cassation » mikasika ny raharaha « Apollo 21 »,…

*Franck Razakambelo*